

# TARATRA

www.newsmada.com

Laharana 3399 • Alarobia 13 mey 2015 • Vidiny : 200 Ar - 12 pejy

8

Kolontsaina

JENNY FÜHR

## «Mpanakanto alemà manana fanahy malagasy...»

*Mihira amin'ny teny malagasy, mitsoka sodina, mitendry lokanga ary efa mianatra mitendry valiha i Jenny Führ. Mankafy, nandalina ary mitrandraka ny mozika malagasy izy, na dia teratany vahiny aza...*

**A**nkavitsiana ny teratany vahiny nahafehy ny mozika malagasy. Iray amin'izy ireny i Jenny Führ, fantatry ny maro tamin'ny fampiarahana mozika miaraka amin'i Erick Manana. «Mahafaly ahy ny mandray an'i Jenny eto, sy milaza aminareo ihany koa fa ankafizin'ny any Alemaina ny mozika malagasy. Miavaka amin'ny maro i Jenny satria toy ny efa ao anatiny ilay mozika», hoy i Harald Gehrig, masoivohon'i Alemagne eto Madagasikara, izay nandray an'i Jenny sy Erick Manana ary ireo mpanao gazety teny amin'ny trano fonenany, omaly.

«Anisan'ny anton'ity fian-tsoana ity ny fampahafantarana amin'ny rehetra aloha fa teratany alemà i Jenny. Misy mantsy ireo mihevitra azy hoe vazaha na sinoa. Amiko manokana, tena nampiaiky ahy i Jenny. Tsy mpampianatra mozika aho, fa izy no mpianatro voalohany ary mety ho farany koa. Nianatra mozika tany amin'ny sekoly ambony izy, kanefa hitako ho mbola manantombo ankoatra izay izy amin'ny fandraisana ilay mozika malagasy. Manana ilay fanahy malagasy i Jenny. Ho gaga isika tompony rehefa tonga ny fotoana hamoahany ny hira noforoniny, izay amin'ny teny malagasy sy gadona malagasy...», hoy i Erick Manana.

Araka ny fitantarany, tonga ho azy ny fitiavany ny



*Noraisin'ny masoivohon'i Alemaina tetsy amin'ny trano fonenany i Jenny sy Erick.*

mozika malagasy. Sendra niditra tao amin'ilay efitrano iray feno kapila izay an'ny rainy izy, ka nahita kapila nisy hira malagasy. Iny no nahatafaroboka an'i Jenny amin'ny fitiavana ny mozika malagasy. Nanaovany fikarohana manokana tany Londres izany, satria nandalina ny mozika tamina sekoly ambony ity mpanakanto ity.

Taty aoriana, nifanena tamin'i Erick Manana ny lalan'i Jenny, ka teraka teo ny fiaraha-miasa. Tsy nianatra ny gadona fotsiny, fa hatramin'ny teny malagasy i Jenny. Efa mahavita miresa-

ka amin'ny teny malagasy izy, raha ny tsapan'ny mpanao gazety, omaly. «Anisan'ny tena tiako koa ny hiragasy. Ankoatra izay, vao mianatra mitendry valiha aho izao», hoy i Jenny. Raha ny hita nandritra ilay hira «Ron'anana» niarahan'izy sy Erick Manana anefa, efa mahay i Jenny.

Ho an'izay tsy mbola nahita sy nahare, na te hankafy indray, hiaka-tsehatra etsy amin'ny lapan'ny Fanatan-jahantena Mahamasina i Erick Manana sy Jenny ny alakamisy 14 mey izao.

Zo ny Aina

Erick Manana

«Mpanakanto alemà manana fanahy malagasy i Jenny Führ»

8

